# 365Tantara 44.Ilay lehilahy sy ilay seza



# 44. Ilay lehilahy sy ilay seza

Ny zanaka vavin'ny rangahy iray dia nangataka ny pasitera eo an-toerana mba ho tonga hiara-mivavaka amin'ny rainy. Rehefa tonga ilay pasitera, dia nahita olona matory eo am-pandriany, ny lohany miankina amin'ondana roa ary misy seza banga eo akaikiny.

- Mino aho fa niandry ahy ianao! hoy pasitera.

- Tsia, fa iza moa ianao?


- Izaho no pasitera vaovao ny fiangonanareo eto an_ toerana, hoy izy namaly.

Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa



- Raha vao nahita ilay seza banga aho dia nihevitra fa fantatrao fa ho avy.
- Hay, hoy ilay lehilahy ambony fandriana.
- Afaka hakatonao ve ny varavarana azafady?

Sady nanakatona ny varavarana no lasa eritreritra ilay pasitera.



- Tsy noteneniko an'iza na iza izao! Eny fa na dia an'ny zanako vavy aza, hoy ralehilahy. Tsy nahay nivavaka mihintsy aho.

Tany am-piangonana, mazàna maheno ny toritenin'i pasitera aho dia izay!

Efa nadaboko tanteraka izany hivavaka izany hoy ilay lahy antitra hatramin'ny

andro iray, misy efatra taona izay, dia hoy ilay namako iray tamiko:

"Pierre â! Resaka amin'i Jesosy fotsiny anie ny vavaka e! Izao no soso-kevitra omeko anao. Mipetraha eo amin'ny seza iray, asio seza banga eo anoloanao,

ary am-pinoana, eritrereto fa mipetraka eo amin'ilay seza i Jesosy."



Tsy diso izany satria Jesosy nampanantena, "Eo aminareo foana aho".

“Avy eo, mila miresaka aminy fotsiny, ary mihaino Azy ohatran'izao ataonaa amiko izao”.

Koa dia nanandrana aho ary tena tiako ka ataoko indroa isan'andro.

Mitandrina aho satria raha hitan'ny zanako vavy miresaka amin'ny seza banga,

dia hitaintaina ny amiko izy!

Tohina i pasitera ka nampahery ilay lehilahy hanohy izato fanaony.

Avy eo, nivavaka niaraka taminy izy dia niverina tany am-piangonana.



Roa andro taty aoriana, niantso ny pasitera ilay zazavavy mba hilaza fa maty tamin'ny tolakandro ny rainy.

- Maty am-piadanana ve izy? hoy i pasitera.

- Eny. Rehefa niala ny trano teo amin'ny roa ora teo aho, dia niantso ahy teo an-doham-pandrinany izy, ary nirary tontolo andro mahafinaritra ho ahy sady nanoroka ahy teo amin'ny takolaka.

Rehefa niverina avy tany an-tsena aho, ora iray taty aoriana, dia hitako maty izy.

Nisy zavatra hafahafa nitranga anefa.

Raha ny marina, talohan'ny nahafatesan'i Dada, dia naondriny ny lohany ary napetrany teo ambonin' ny seza akaikin'ny fandriany.



Tsy azo amidy. Nanisy sary i Guillaume Girault. Nanatanteraka ny www.365histoires.com Paris. Frantsa